

## Torolalana An-kapobeny

1. Mialohan'ny hidinanao hanao ny fanadihadiana, ianao sy ny mpiara-miasa aminao dia mila mijery ny fitaovana entina miasa rehetra ary manamarina fa misy ireto fitaovana ireo ao aminareo:

- |  |   |
|--|---|
| 1) Kaopy   | 18) Sary plastifié misy sary goba<br>(cube) enina (6)   |
| 2) Sotro fihinana  | 19) Taratasy plastifié misy boribory<br>efatra (4) samy hafa loko (mena,<br>manga, maintso, mavo) |
| 3) Lovia   | 20) Taratasy plastifié misy isa   |
| 4) Bol finanana  | 21) Taratasy plastifié misy sarina<br>vondrona voatabia   |
| 5) Saribakoly  | 22) Taratasy fotosy hanaovana sary sy<br>hanoratana   |
| 6) Penina (Stylo)  | 23) Taratasy kely haforitra   |
| 7) Cube misa 12  | 24) Ratsan-kazo roa mitovy endrika<br>fa samihafa ny halavany                                     |
| 8) Saron-tavoahangy miisa 12 (8<br>mitovy loko ary 4 loko hafa)  | 25) Boîtes 2 mitovy endrika fa<br>samihafa ny lanjany   |
| 9) Briquet   | 26) Lamba na akanjo kely  |
| 10) Fiara kilalao  | 27) Voa katsaka na voamaina<br>hotsimpinina sy hamantarana<br>endrika                             |
| 11) Tavoahangy   | 28) Pegboard ary pegs miisa 8   |
| 12) Zinga misy tahony  | 29) Vakana lehibe miisa valo ary tady   |
| 13) Hety   | 30) Chronomètre   |
| 14) Labozia  |   |
| 15) Savony   |   |
| 16) Sary boribory mangamanga<br>enina (6), ary efamira<br>mangamanga enina (6) hoan'ny<br>famantarana sary |   |
| 17) Voamaina mena enina (6), fotosy<br>enina (6)   |   |

2. Rehefa tonga amin'ny tokantrano iray ianao, dia ampafantaro ireo ray aman-dreny sy mpikarakara ny zaza ny tenanao sy ny antondia. Ampiasao ilay torolalana momba izany.

3. Raha azo atao, mitadiava toerana mangina, mazava tsara hanaovana ny fanadiadiana. Hasaivo miaraka mipetraka aminao ny ray aman-dreny na ny mpiandraikitra ny zaza mandritra ny fotoana hanaovanao ny fanadiadiana. Hiangavio mba tsy hisy zaza hafa na olon-dehibe mivezivezy sy manatrika mandritra ny fanadianiana.

4. Rehefa miarahaba ny zaza, ataovy izay hipetrahanao mitovy aminy ary ahitanao ny masonry. Lazao azy ny anarano ary anontanio ny anarany. Maka fotoana miresaka amin'ny zaza mba ahazoany aina sy hananany fitokisana aminao. Azavao azy fa minana kilalao hoazy ianao, ary hilalao kilalao karazany maro ianareo roa.

5. Raha mbola tsy nataonao dia kajio sy fantaro hoe firy volana ilay zaza. Izany dia hafantaranao hoe aiza ianao no manomboka amin'ny fanadiadiana.

6. Alaminoo ny toerana hanaovana ny test. Raha mety sy misy dia mampiasa latabatra sy seza. Aleo mipetraka eo akaikin'ny zaza toy izay eo anoloany mandritra ny fanadiadiana. Raha zaza sarokenatra na matahotra dia afaka mipetraka ampofoin'ny ray aman-dreniny na ny mpikarakara azy.

7. Fantaro ary tadiavo ny fanomboana miainga amin'ny hoe firy volana ilay zaza. Izany dia hitanao ao amin'ity taridalana ity.

8. Mba hafantaranao ny “**niveau de base**” , ny zaza dia tokony **mahamarina (mahavita) fanontaniana in-pito misesy**. Mba hanaovanao izany dia:

- A. Atomboy ny fanadiadiana miainga amin'ny fanomboana tondroin'ny volan'ny zaza

- B. Raha mandiso singa iray ny zaza mialoha ny ahavitany in-pito misesy dia miverena amin'ny singa mialohan'ilay singa nanombohana.
  - C. Tohizo ny fametrahana ny fanontaniana araka ny tokony ho izy mandrapahavitany singa 7 misesy. Tadidio fa ny singa sasany ( tsy izy rehetra) dia afaka omenao isa na dia tsy nanontanianao ary raha ohatra ka nahita sy nahatsikaritra ianao fa manana fahaizamao ilay zaza. Ohatra :
- D. Aza averina hanontaniana izay fanontaniana efa tsy voavaliny teo aloha
9. Ny hafantarana ny "niveau du plafond" dia rehefa mandiso singa fito misesy ny zaza.
- A. Tohizo ny fametrahana ny fanontaniana mandra-pandisoan'ny zaza in-pito misesy, na mandrapahalany ny singa. Ajanony eo amin'izay handisoany farany ny fametrahana ny fanontaniana.
10. Ny singa rehetra dia tsy maintsy hanontaniana sy omena isa arak'izay voatondro




# HETSIKA MADINIKA SY FAHAIZANA MANAO ZAVATRA

## MOTRICITE FINE ET SAVOIR FAIRE

Num	Capacité/ability	Consignes/directives	Eny	TSia
FM 9	<b>Mamindra zavatra avy amin'ny tanana iray mankany amin'ny tanana iray</b>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Omeo vainga iray ny zaza.</p> <p>Avelao raisiny amin'izay tanana manavanana azy. Omeo vainga iray hafa izy amin'ny tanana nandraisany ilay vainga teo aloha ihany. Matetika dia hafindrany amin'ny tanana ilany ilay vainga voalohany mba afahany mandray ilay iray vao homenao azy. Vainga ihany ampiasaina fa aza ovaina zavatra hafa.</p> <p>Asaivo mandrana in-dray mandeha izy</p> <p><b>Mariho ENY raha nafindrany ilay vainga</b></p>		
FM 10	<b>Mandraoka zavatra madinika amin'ny rantsantanana efatra toy izay ataon'ny rateau</b>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Vaomaina menamena</p> <p>Apetraho amin'ny tany na amin'ny latabatra mano-loana ny zaza ny vaomaina voany iray (1). Ataovy amin'ny toerana takany. Teneno izy hoe : "Alaivo io"</p> <p>Asaivo manandrana in-dray mandeha izy</p> <p><b>Jereo ny fomba nangalain'ny zaza ilay vaomaina. Mariho ENY raha noraofiny ilay vaomaina ( nampiasa ratsa-tanana efatra mba tsy hilatsaka ilay voomaina).</b></p> <p><b>Mariho ENY raha nampiasa fomba sarotsarotra kokoa izy, ohatra hoe nampiasa ratsatanana iray na roa miaraka amin'ny ankihibe mba hangalana ilay voomaina</b></p>		

### 24 – 29 VOLANA ETO MANOMBOKA

FM 11	<b>Mikapoka zavatra amina zavatra iray ary mamerina izay ataon'ilay mpanadina</b>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Vainga roa</p> <p>Raiso amin'ny tanana roa ny vainga ary ampifandomy, ataovy hitan'ilay zaza tsara. Omeo ny zaza ny vainga roa ary teneno hoe : "Anao izao"</p> <p>Afaka averina in-droa raha ilaina</p> <p><b>Mariho ENY raha vitan'ny zaza ny mampifandona ireo vainga</b></p>		
-------	---	--	--	--

FM 12	<p><b>Mitady zavatra ao ambany ravin-damba kely na akanjo:</b></p> 	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Lamba na akanjo ary fiara kilalao</p> <p>Avoay ivelan'ny kitaponao ny lamba sy kilalao iray manintona ny zaza. Avelao ny zaza hilalao ireo kilalao ireo. Alaivo eny aminy ireo kilalao ary apetraho eo ambony latabatra amin'izay takatrin'ny tanany. Saromy an'ilay lamba ilay kilalao ary ataovy manakaiky anao ary tsy takatr'ilay zaza.</p> <p>Avelao hanandrana in-dray</p> <p><b>Mariho ENY raha miezaka manala ilay lamba ilay zaza ( tsy maninonana tsy azony ary fa ny zavadehibe dia miezaka manakatra ilay lamba ilay zaza ary manainga ilay lamba)</b></p>		
FM 13	<p><b>Mandray zavatra amin'ny tondro, mandraoka voan-katsaka na tsaramaso amin'ny ankihibe sy rantsantanana iray</b></p> 	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Tsaramaso mena</p> <p>Apetraho manoloana ilay zaza ilay tsaramaso. Teneno hoe :"Alaivo io, ary omeo ahy"</p> <p>Avelao hanandrana in-dray</p> <p><b>Mariho ENY raha mampiasa ny ankihibeny sy tondro iray hafa ny zaza angalana ilay tsaramaso</b></p>		
FM 14	<p><b>Mamerina fietsika mametraka vainga ao anaty sy ivelan'ny kaopy</b></p> 	<p><u>Zavatra ilaina:</u> kaopy na boite ary vainga telo</p> <p>Atoroy ny zaza ireto hetsika manaraka ireto: alaivo ny vainga telo ary avy eo avoay ivelan'ny kaopy tsirairay. Apetraho manoloana ny zaza ary teneno izy hoe :"Anao izao, arotsahy anaty kaopy ireo vainga ary asory avy ao"</p> <p>Avelao hanandrana in-dray</p> <p><b>Mariho ENY raha mahavita mandrotsaka sy manala vainga iray fara-fahakeliny ny zaza</b></p>		

FM 15	<b>Manosika fiara kely</b>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Fiarakely kilalao</p> <p>Atoseho moramora manoloana ny zaza ny fiara kely, atoseho kely ary avelao handeha irery ilay fiara. Alaivo ilay fiara ary apetraho eo anoloan'ny zaza. Tsy mahazo manoke baiko ianao.</p> <p>Avelao hanandrana in-dray</p> <p><b>Mariho ENY raha atosik'ilay zaza ilay fiara ary mihetsika amin'ny kodiarana efatra eo ambonin'ilay latabatra na amin'ny tany</b></p>		
<b>36 – 41 VOLANA ETO MANOMBOKA</b>				
FM 16	<b>Mamerina fihetsika mametrakavainga anaty karazana tavoahangy (tavoahangy fohy mihidy amin'ny pas de vis ny sarony).</b>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Vainga telo ary boite transparent na tavoahangy lehibe ny vavany.</p> <p>Atorohy ny zaza ny fomba fampidiranao ireo vainga telo anatin'ilay boite ary avy eo araraho hiraraka amin'ny tany ireo vainga.</p> <p>Avereno in-droa</p> <p>Apetraho manoloana ny zaza ny Boite sy ireo vainga ary teneno izy hoe : " Anao indray zao, ampidiro anatin'ilay boite ireo vainga ireo ary araraho avy eo"</p> <p><b>Mariho ENY raha mahavita mampiditra farafahakeliny vainga iray ny zaza</b></p>		
FM 17	<b>Mamoaka vainga hiala avy tao anatin'ilay boite</b> 	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Vainga telo ary boite transparent na tavoahangy lehibe ny vavany.</p> <p>Tohizo amin'ilay teo aloha (FM16)</p> <p>Mariho ENY raha ahoakan'ilay zaza ambony ambany ilay boite mba amoahana ireo vainga ivelan'ny boite.</p> <p><b>Tsy mahazo ENY izy raha avoakany amin'ny tanana ilay vainga</b></p>		
FM 18	<b>Manoratsorata amin'ny taratasy (soratsoratra mahitsy):</b> 	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Marker sy taratasy</p> <p>Apetraho manolona ny zaza ny taratasy sy crayon na marker. Teneno hoe: " Manaova hoe ianao sary, sary izay tinao"</p> <p>Avelao hanandrana in-dray</p> <p><b>Mariho ENY raha manoratra ny zaza, manipitsipika izay tiany. Mariho ENY ihany koa raha manao sary sarotsarotra izy ( efamira, litera, sary olona,...)</b></p>		


**42 – 47 VOLANA ETO MANOMBOKA**

FM 19	<b>Manoratsoratra amin'ny taratasy (soratsoratra boribory)</b> 	<u>Zavatra ilaina :</u> Marker sy taratasy  Manaiva sary spiral. Omeo ny zaza ny taratasy sy ny penina dia teneno hoe: "Anao izao, manaova sary mitovy ny ahy"  Manandrana in-dray ihany  <b>Mariho ENY raha mahavita maka tahaka ilay zaza ( tsy voatery boribory tsara, mariho ENY ihany koa raha mahavita manao boribory tsara ny zaza)</b>		
-------	---	--	--	--

**48 – 54 VOLANA ETO MANOMBOKA**

FM 20	<b>Mahay nanao Tilikambo misy rihana 2</b>	<u>Fitaovana ilaina:</u> Vainga 12  Asehoy ny zaza ny fampintaingenana vainga enina, ary teneno hoe: "Alaina ity dia ataignina eto, dia ampiana ray eo ambony, ampiana ray,..." Avelao hitsangana eo ny tilikambonao  Apetraho manolona ny zaza ireo vainga enina ary teneno hoe "anao indray zao, manamboary tilikambo zay avo indrindra vitanao"  Avelao hanandrana in-telo  <b>Mariho ENY raha mahavita mampifanaingina vainga roa na mihoatra</b>  <u>Mariho ny isan'ireo vainga mifampitaingina fa ilainao amin'ny FM 22 sy FM23</u>		
-------	--	---	--	--


**55+ VOLANA ETO MANOMBOKA**

FM 21	<p><b>Mampiditra peg anatin'ny pegboard</b></p> 	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Peg Board, Peg valo, chronometre.</p> <p>Apetraho manoloana ny zaza ny pegboard. Asehoy azy ny fampidirana ireo peg 2 anatin'ny lavaka ary teneno hoe." Jereo anie ny ataoko, atsofoko ato ity"</p> <p>Asory hiala ny pegboard ireo peg ary apetraho manoloana ny zaza avokoa izy valo. Teneno hoe." Anao izao, ampidiro anaty lavaka ireo peg ireo, ataovy farany izay haingana vitanao". Manomboka michronometre ianao rehefa mandray ny peg voalohany ny zaza. Ajanony ny chrono rehefa tafiditra ny peg farany.</p> <p>Avelao hanandrana indray</p> <p><b>Mariho ENY raha vitany ny mampiditra ireo peg rehetra anatin'ny lavaka latsakin'ny 2mn.</b></p> <p><u>Mariho ny fotoana laniny fa ilainao amin'ny FM24</u></p>	2 minitra	
FM 22	<p><b>Mahay manao Tilikambo misy rihana 4.</b></p>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Vaininga 12</p> <p>Raha voarainao dia raiso ny isa tamin'ny FM 20. Raha tsy voajerinao kosa dia: Asehoy ny zaza ny fampintaingenana vainga enina, ary teneno hoe."Alaina ity dia ataingina eto, dia ampiana ray eo ambony, ampiana ray,..." Avelao hitsangana eo ny tilikambonao</p> <p>Apetraho manolona ny zaza ireo vainga enina ary teneno hoe "anao indray zao, manamboary tilikambo zay avo indrindra vitanao"</p> <p><b>Mariho ENY raha mahavita mampifanaingina vainga efatra na mihoatra</b></p> <p><u>Mariho ny isan'ireo vainga mifampitaingina fa ilainao amin'ny FM FM23</u></p>	Isao firy ny azona o mandra-pamaly ireo fanontaniana manaraka	
FM 23	<p><b>Mahay manao Tilikambo misy rihana 6</b></p>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> vainga miisa 12</p> <p>Tsaraao miainga amin'ny valiny FM 20 sy FM 22</p> <p><b>Mariho ENY raha mahavita mampifanaingina vainga miiasa 6.</b></p>		

FM 24	<b>Mampiditra Peg anaty pegboard latsakin'ny 30 segondra</b>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Pegboard, peg miisa 8, chronometre</p> <p><b>Tsaraho miainga amin'ny FM 21, mariho ENY raha mahavita mampiditra peg 8 latsakin'ny 30s</b></p>		
FM 25	<b>Tena mahay manidy sy mamaha ny saron'ilay tavoahangy, fa tsy misintonia izany fotsiny</b> 	<p><u>Zavatra ilaina:</u> boite misy sarony</p> <p>Asehoy ny zaza ny fanaromana ny tavoahangy ( tsy hidina mafy) ary ny fanasorana ny sarony. Teneno izy hoe “ Jereo, saromako ilay tavoahangy, dia avy eo asoriko ny sarony” Avereno in-droa</p> <p>Omeo ny zaza ny boite dia teneno izy hoe: “ Anao indray zao,saromy ilay boite dia avy eo esory ny sarony”</p> <p><b>Mariho ENY raha vitan'ny zaza ny manarona sy manala ny saron'ny boite. Afaka amporisihinao izy manarona sy manala ilay sarony</b></p>		
FM 26	<b>Mahay mameetraka vakana 6 eo amina fehin-kiraro (atsofoka tsirairay ireo)</b>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> lacet kiraro ary vakana 8</p> <p>Asehoy ny zazany ny lohan'ny tady roa, atorohy azy ny fampidirana ny vakana anatin'ny tady. Teneno izy hoe : “ Jereo, ampidiro toy izao ny vakana, ampidiriko ny ray, ampidiriko ray”. Apetraho eo anoloan'ny zaza ny vakana 6 ambiny sy ny tady dia teneno izy hoe:” Anaozao, ampidiro amin'ny tady daholo ireo vakana ambiny ireo”</p> <p>Avelao hanandrana indray mandeha</p> <p><b>Mariho ENY raha tafiditra ny vakana enina</b></p>		
FM 27	<b>Maka tahaka tsipika mahintsy</b>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Taratasy sy penina</p> <p>Teneno ny zaza hijery tsara anao ary teneno ny zaza hoe “ Jereo ny ataoko ( sady manao sary tsipika miakatra). Anao zao manao sahala amin'io nataoko io”</p> <p>Apetraho manoloana ny zaza ny taratasy sy ny penina</p> <p><b>Mariho ENY raha manao tsipika tsy mihoatra ny 30 degré ny zaza</b></p>		

FM 28	<b>Mandray izay hazo lava indrindra in telo, (avereno in telo ny fanontaniana)</b>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Hazo miisa roa tsy mitovy alavana</p> <p>Apetraho manoloana ny zaza ny hazo roa ary ataovy amin'ny havanana ny tapakazo lava. Anontanio izy hoe "Iza no lava amin'ireto? (Mariho ny valiny) azon'ny zaza atao ny manondro na miteny hoe iza no lava). Alaivo ireo hazo ireo ary hafamadio ny toerany, hafenoy ny zaza rehefa manao azy ianao: na ataovy ao andamosina na ambany latabatra. Asehoy azy indray ny hazo ary ataovy ankavia ny hazo lava indrindra ary hanontanio ny zaza hoe iza no lava? ( mariho ny valiny).</p> <p>Avereno ny lalao mandrapahazoan'ny zaza marina in-telo misesy</p> <p>Tonga dia hajanony avy hatrany raha mandiso ny zaza any amboloany</p> <p><b>Mariho ENY raha nahamarina in-telo misesy ny zaza</b></p>		
FM 29	<b>Mandray izay boite mavesatra (tsy voatery ho boite fa araraharaka ny zava misy eo an- toerana).</b>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Boite roa mitovy fa samy hafa kely ny lanjany</p> <p>Apetraho manoloana ny zaza na amin'ny tany ireo boite ary ataovy amin'ny tanana havanana izay boite mavesatra. Batao ireo boite ary apetraho eo ambony tanan'ny zaza miaraka. Anontanio ny zaza:" Iza no mavesatra? atory ahy" Mariho ny valiny ( aza miteny ny zaza na marina na diso). Alaivo eny antanany ireo boite ary hafamadio ao an-damosina ( na ambany latabatra) Apetraho ambony tanan'ny zaza indray. Hanontanio ny zaza izay mavesatra. Havereno indray.</p> <p>Mariho ENY raha fantatr'ilay zaza izay mavesatra in-telo misesy</p> <p><b>Tonga dia hajanony raha mandiso ny zaza</b></p>		

FM 30	<p><b>Mahay manao tetezana amin'ny vainga telo</b></p> 	<p>Zavatra ilaina: vainga 12 isa</p> <p>Atokany aloha ny vainga enina, ary ny enina kosa apetraho manoloana ny zaza.</p> <p>Raiso ny lafika na zavatra mafy sy mahintsy tsara, manamboara tetezana amin'ny vainga telo ary azavao ny zaza ny zavatra ataonao. Teneno hoe” Jereo, manamboatra tetezana aho, apetrako eto ity, ary ity eto, jereo anie e afaka mandalo ato ambany ato ny fiara kely” Alaivo ny crayon ary asehoy hoe ahoana ny ataon’ny fiara misitrika ao ambany. Ataovy hitan’ny zaza tsara ilay lavaka ambanin’ny tetezana ary mba ho hitany tsara fa mipetra ambonin’ireo vainga roa ilay ray eo ambony. Avelao eo ilay modely nataonao, apetraho manoloana ny zaza ireo vainga telo ary teneno izy hoe: “ Anao zao, manamboara tetezana sahala ilay nataoko teo”.</p> <p>Avelao hanandrana indray mandeha</p> <p><b>Mariho ENY raha mahavita manao tetezana misy lavaka eo ampovoany ny zaza</b></p>		
FM 32	<p><b>Mamerina faribolana (tsy maintsy atao feno) amin'ny tsaoka na eo ambony fasika amina tapa-kazo.</b></p>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Taratasy sy penina ( na izay afaka hanoratrana)</p> <p>Manova sary baolina ary azavao ny zaza ny zavatra ataonao. :”Jereo ny sary ataoko, ataoko miodina tsara. Anao indray zao manova baolina mitovy amin'ny ahy” Omeo ny zaza ny stylot ataovy manoloana azy, afaka ampianao izy mitazona ny taratasy tsy hetsika fa tsy mahazo ampianao mitazona ny stylot.</p> <p><b>Mariho ENY raha nahavita nanao boribory (tsy maintsy midy)</b></p>		

FM 33	<b>Mandika sarina lakroa amina tsaoka/saribao</b>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Taratasy sy penina ( na izay afaka hanoratrana)</p> <p>Manaova sary lakroa ary azavao ny zaza ny zavatra ataonao. :"Jereo ny sary ataoko, manao tsipika mitsangana avy eo manao tsipika mitsivalana. Anao indray zao manaova lakroa mitovy amin'ny ahy" Omeo ny zaza ny stylot ataovy manoloana azy, afaka ampianao izy mitazona ny taratasy tsy hietsika fa tsy mahazo ampianao mitazona ny stylot. Tsy maninona na tsy mitovy ary ny halavan'ny tsipika fa tsy maintsy mifanapaka ny tsipika.</p> <p><b>Mariho ENY raha nahavita nanao lakroa (tsy maintsy mifanapaka)</b></p>		
FM 34	<b>Mahay manao sary efamira</b>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Taratasy sy penina ( na izay afaka hanoratrana)</p> <p>Manaova sary efamira ary azavao ny zaza ny zavatra ataonao. :"Jereo ny sary ataoko, manao tsipika mitsangana avy eo manao tsipika mitsivalana. Anao indray zao manaova sary efamira mitovy amin'ny ahy" Omeo ny zaza ny stylot ataovy manoloana azy, afaka ampianao izy mitazona ny taratasy tsy hietsika fa tsy mahazo ampianao mitazona ny stylot. Tsy maninona na tsy mitovy ary ny halavan'ny tsipika</p> <p><b>Mariho ENY raha nahavita nanao efamira ny zaza</b></p>  <div style="display: flex; justify-content: space-around; align-items: center;"> <span>PASS</span> <span>FAIL</span> </div>		

FM 35	<u><b>Manao tetezana</b></u>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> vainga 12 isa</p> <p>Manamboara tetezana amin'ny vainga 6 ary azavao ny zaza ny zavatra ataonao. Teneno hoe" Jereo, manamboatra tetezana lehibe aho, apetrako eto ity, ary ity eto, jereo anie e afaka mandalo ato ambanay ato ny fiara kely" Alaivo ny crayon ary asehoy hoe ahoana ny ataon'ny fiara misitrika ao ambanay. Ataovy hitan'ny zaza tsara ilay lavaka ambanin'ny tetezana ary mba ho hitany tsara fa mipetraka ambonin'ireo vainga roa eo ambony. Avelao eo ilay modely nataonao, apetraho manoloana ny zaza ireo vainga enina ary teneno izy hoe: " Anao zao, manamboara tetezana sahala ilay nataoko teo".</p> <p>Avelao hanandrana indray mandeha</p> <p><b>Mariho ENY raha mahavita manao tetezana misy lavaka eo ampovoany ny zaza</b></p>		
FM 36	<u><b>Manamboatra tohatra</b></u>	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Vainga 12</p> <p>Alaivo ireo vainga 12, manamboara tohatra amin'ireo vainga enina ary azavao ny zaza ny zavatra ataonao. Alaivo ny vainga telo ary ataovy mifanakainy, asivo ny vainga roa eo ambony, ary farany ny vainga ray ataovy eo antapony. Sady manazava ianao: " izao dia hanao tohatra aho, jereo anie asiko vainga telo eto, dia asiko roa eo ambony, dia ray farany eo ambony. Jereo anie e afaka miakatra ( ataovy amin'ny ratsatanana). Ataovy miorirana mba ho hitan'ny zaza tsara ireo zanatohatra. Ataovy eo anoloany ireo vainga enina ambony ary teneno izy hoe "Anao indray zao no manao tohatra mitovy ny nataoko teo" avelo ny tohatra nataonao hijanona eo hakany tahaka.</p> <p>Mariho ENY</p>		

FM 37	<u>Mamerina sary soratra</u>	<p>Zavatra <u>ilaina</u>: taratasy sy marker</p> <p>Teneno hoe, jereo “ Hanoratra litera aho: E C A M J H, ataovy lehibe ny soratra, mazava tsara ary majuscule. Jereo tsara mba ho lay soratra hain’ny zaza ireny no ataonao. Raha ilaina dia mifindra toerana eo akaikin’ny zaza mba ahitany anao tsara. Apetraho manoloana ny zaza ny penina, ary teneno izy hoe :” Adikao hoe ity soratra ity, ary tondroy, amporisihio ny zaza hanoratra” Marihina fa ny soratra azo ekena dia izay mazava tsara ny tsipika sy ny angle tsy maninona raha mivilana.</p> <p>Mariho ENY raha mahavita mamerina litera telo izy</p>		
FM 38	<u>Mamoritra taratasy</u>	<p><u>Zavatra ilaina</u>: Taratasy kely miisa roa.</p> <p>Alaivo ny taratasy ary aforeto roa ary hazavao ny zaza hoe inona no ataonao. Teneno hoe:” Ataoko mifanakaiky ny molony roa amin’ireto taratasy ireto, jereo anie e ary aforeto fanindroany.. anao zao ity ny anao aforeto sahala amin’ilay nataoko teo ity taratasinao ity.” Ataovy hitany tsara hoe nataonao nifanakaiky tsara ny molon’ilay taratasy mialohan’ny hamoretanao azy indray ( in-4). Rehefa mijanona ny zaza dia anontantio hoe :”vita ve”:</p> <p>Fanamarihiana: taratasy malefaka ampiasina ary zarao roa ny taratasy A4, tokony tsy mihoatra ny 3cm ny taratasy midepasse.</p> <p><b>Mariho ENY raha nahavita namoritra efatra ilay taratasy ny zaza ary tsy mihoatra ny 3cm ny midepasse.</b></p>		
FM 39	<u>Manaraka modely vita amin’ny sarona tavoahangy</u>	<p><u>Zavatra ilaina</u>: Sarona tavoahangy miisa 12. Jereo tsara mba hitovy loko ny efatra (ohatra: maity) ary ny valo dia loko hafa ( ohatra fotsy)</p> <p>Teneno ny zaza hoe jereo tsara ny ataoko, “Alaiko ny fotsy dia atako eto, ny maity eto, ny fotsy eto, ny maity eto.</p> <p>Teneno ny zaza hoe anao indray zao.</p> <p>Mamerina indray mandeha ny zaza</p> <p><b>Mariho ENY raha nahavita namerina ilay modely ny zaza</b></p>		

FM 40	<p><b>Mamerina ny modely faha-2</b></p> 	<p><u>Zavatra ilaina:</u> sarona tavoahangy miisa 12</p> <p>Teneno ny zaza hoe: " Jereo tsara, fa hanao modely mampiasa ireto sarona tavoahangy efatra ireto aho ( loko roa samy hafa eo aloha, ary roa samihafa eo aoriana ( samihafa ny loko aloha sy aoriana). "Jereo ataoko eto anoloana ny iray, dia eto akaikiny ny fotosy. Dia asiko mainty eto aoriana ary fotosy eto akaikiny. Sarona tavoahangy efatra ihany ampasaina.</p> <p>Teneno ny zaza hoe: "ampiasao ireto sarona tavoahangy ireto ary manaova mitovy amin'ilay modely nataoko teo." Jereo hoe misy toerana malalaka tsara hanaovan'ny zaza ilay modely. Aleo hanandrana indray mandeha ny zaza.</p> <p><b>Mariho ENY raha vitan'ny zaza ny namerina ilay modely,</b></p>		
FM 41	<p><b>Mamerina modely faha-telo</b></p> 	<p><u>Zavatra ilaina:</u> Sarona tavoahangy 12</p> <p>Ataovy eo anoloanao avokoa ireo sarona tavoahangy 12 satria hampiasainao avokoa izy 12 amin'ity lalao ity. Ataovy milahatra roa ny sarona tavoahangy. Teneno hoe : "Jereo tsara ny ataoko, asiko fotosy eto, dia maintsy, eto, dia asiko mainty eto aoriana, dia asiko mainty eo akaikiny. Dia eto ndray asiko mainty dia avy eo asiko fotosy." Omeo ny zaza ny ambin'ny saron'ny tavoahangy 6 (efatra mitovy loko ary roa hafa mitovy loko) ary ataovy eo anoloany.</p> <p>Teneno ny zaza hoe: "manaova sary mitovy aminy nataoko teo"</p> <p>Afaka manandrana in-droa ny zaza.</p> <p><b>Mariho ENY raha mahavita mamerina ny zaza rehefa avy namerina in-drax na in-droa</b></p>		

FM 42	<p><b>Famitana modely</b></p> <p><b>1</b></p>	<p>Zavatra ilaina: Taratasy misy tableau misy efamira 6, tsaramaso fotsy 6, zavatra boribory na bokotra manga 6, tsaramaso mena 6, katsaka enina, bokotra mainty enina, sarona tavoahangy enina mitovy loko.</p> <p>Ataovy manoloana ny zaza ny taratasy misy ny sary( asivo malalaka anelanelan'ny zaza sy ny sary), apetraho manoloana ny zaza ny zavatra enina: zavatra boribory na bokotra manga 1, tsaramaso mena 1, katsaka 1, bokotra mainty 1, sarona tavoahangy 1, tsaramaso fotsy 1.</p> <p>Ataovy eo ambonin'ilay taratasy ilay bokotra manga. Mandrapahavitanao ilay modely etsy ambany.</p> <p>Teneno izy hoe "Asiko bokotra manga eo, dia eto, dia dingano ny iray dia asio bokotra manga indray"</p> <p>Teneno izy hoe " iza amreto zavatra ireto zany no maketo amin'ity tsy misy ninoninona ity?"</p> <p><b>Mariho ENY raha hain'ilay zaza ny tokony natao.</b></p> <p>Raha tsy naka ilay bokotra manga ilay zaza dia teneno hoe: "Misaotra a, bravo, hitanao ve nefo ireto bokotra manga ireto, iza no mitovy aminy? Dia alaivo ilay bokotra manga dia apetraho eo dia teneno hoe jereo anie e, zao izy zao mitovy daholo.</p> <p>xxxxxx</p>		
FM 43	<p><b>Famitana modely</b></p> <p><b>2</b></p>	<p>Ataovy eo ambonin'ilay taratasy ilay tsaramaso mena. Mandrapahavitanao ilay modely etsy ambany.</p> <p>Teneno izy hoe "Asiko tsaramaso mena eo, dia eto, dia dingano ny iray dia asio tsaramaso mena indray"</p> <p>Teneno izy hoe " iza amreto zavatra ireto zany no maketo amin'ity tsy misy ninoninona ity?"</p> <p><b>Mariho ENY raha ain'ilay zaza ny tokony natao.</b></p>		
FM 44	<p><b>Famitana modely</b></p> <p><b>3:</b></p>	<p>Asory ireo voamaina rehetra. Ny Tsaramaso fotsy sy ny katsaka ihany no ampiasaina. Teneno hoe: " Asiko katsaka eto, dia asiko tsaramaso fotsy eto, dia asiko katsaka eto,... " mandrapahafenonao ity modely ity ( katsaka- tsaramaso- katsaka-tsaramaso - bang-TSaramaso)</p> <p>Anontanio ny zaza hoe iza no maketo?</p>		

FM 45	<p><b>Famitana modely</b></p> <p><b>4:</b></p>	<p>Asory ireo voamaina rehetra. Ampiasao ny sarona tavoahangy sy ny bokotra mainty toy izao. Teneno hoe: "Jereo fa asiako bokotra mainty eto, sy sarona tavoahangy eto, ary avy eo bokotra mainty eto..." mandrapahavitanao ny modely etsy ambany. Teneno: "izao amin'ireto zavatra ireto (tondroy) no handeha ato?" (sady manondro ilay banga).</p> <p>Valio hoe ENY raha marina ny namenoan'ilay zaza azy.</p> <p>Bokotra mainty, sarona tavoahangy, sarotra tavoahangy banga, bokotra mainty, sarona tavoahangy</p>		
FM 46	<p><b>Famitana modely</b></p> <p><b>5</b></p>	<p>Famenoana ny modely: Esory daholo ireo voan-javatra rehetra namenoana teo aloha. Mampiasà bokotra manga 2, sarona tavoahangy 1, ary katsaka 2 hanaovana ny modely etsy ambany. Teneno hoe: "Jereo fa asiako bokotra manga eto, sy katsara eto, ary sarona tavoahangy eto..." mandrapaha-vitanao ilay modely etsy ambany. Teneno: "izao amin'ireto zavatra ireto (tondroy) no handeha ato?" (sady manondro ilay banga).</p> <p>Valio hoe ENY raha marina ny namenoan'ilay zaza azy.</p> <p>Bokotra manga, katsaka, sarona tavoahangy, bokotra manga, banga</p>		
FM47	<p><b>Famitana modely</b></p> <p><b>6</b></p>	<p>Esory avy eo amin'ny taratasy ny zavatra rehetra nampiasaina, ary akisaho amin'ny sisiny. Apehatro manoloana ny ankizy ilay taratasy. Mampiasà tsaramaso mena 2, bokotra mainty 1 ary tsaramaso fotsy 2 hanaovana ny modely etsy ambany. Teneno hoe: "Jereo fa asiako tsaramaso eto, sy tsaramaso mena eto, ary tsaramaso eto..." Mandrapaha-vitanao ilay modely etsy ambany. Teneno: "izao amin'ireto zavatra ireto (tondroy) no handeha ato?" (sady manondro ilay banga).</p> <p>Valio hoe ENY raha marina ny namenoan'ilay zaza azy.</p> <p>Tsaramaso mena, banga, tsaramaso fotsy, tsaramaso mena, bokotra mainty, tsaramaso fotsy</p>		

<b>FITENY</b>				
L6	Mamaly anarana	Mitsangana moramora ao aorian'ny zaza anankiray, aza atao hitany, ary antsoy ny anarany. Valio hoe ENY raha mitodika ilay zaza ka mijery anao.		
L7	Mibadabada	Araho maso tsara ilay zaza rahamibadabada toy ny hoe "dada", "mama", sns. Tsy voater ho teny izany na valinteny ho an'olona na zavatra, fa fidabadabada fotsiny. Raha tsy tsikaritrapa mibadabada izy, anontanio ny reniny raha efa mibadabada ilay zaza. Valio hoe ENY raha mibadabada ilay zaza. Fithetsika ataon'ny zaza mialoha ny fianarana miteny io ka noho izany dia azy ny ENY raha renao namoaka na teny iray monja aza ilay zaza na raha milaza ny reniny f'efa miteny ny zazany.		
L8	Mahazo ny dikan'ny "TSIA"	Anontanio ny reny hoe inona no teny ampiasaina rehefa tiany hampitsahatra zavatra anankiray ny zanany. (Oh.: tsia, na aoka...). Apetrano eo ambony latabatra manoloana ny zaza ilay fiara. Rehefa voakasik'ilay zaza ilay fiara, dia mitenena hoe "AOKA", na teny hafa ampiasain'ilay reniny rehefa manajanona ny zanany tsy hanao zavatra iray izy. Valio hoe ENY rehefa nijanona ilay zaza nandrenesany ilay hoe "AOKA" na teny hafa nampiasaina.		
<b>RAHA 24-29 VOLANA, DIA MANOMBOKA ETO</b>				
L9	Fihetsika midika hoe: TSIA	Anontanio ny reny, ary aza atao hitan'ny zaza, hoe: "[Petakely] ve manao fihetsika toy ny manifikifi-doha na mampiakatra sorika rehefa te hiteny hoe "TSIA"? Valio hoe ENY raha manao fihetsika ilay zaza rehefa mandà.		
L10	Manatanteraka baiko anankiray	<u>Fitaovana ilaina:</u> kaopy, lovia, ary sotro. Apetraho manoloana ilay zaza eo ambony latabatra na apetraho eo ambany ny kaopy sy lovia ary sotro. Aza manao fihetsika na mijerijery ireo fitaovana, fa teneno hoe: "Omeo hay ny kaopy". Valio ENY ilay zaza raha omeny anao ny kaopy.		
<b>RAHA 30-35 VOLANA, DIA MANOMBOKA ETO</b>				
L11	Mipetsampetsana	Araho maso tsara ilay zaza efa mamoaka teny na fehezanteny, na dia mbola tsy marina aza ny firafitry ny teniny. Raha tsy tena mahatoky ianao, anontanio ny reniny: "efa renao nipetsampetsana ve ny zanakao na dia mbola tsy marina aza ny firafitry ny teny?" Valio ENY raha efa mipetsampetsana NA mahaloaka teny iray ilay zaza, NA koa raha milaza ny reniny f'efa manao izany izy.		
L12	Milaza teny roa	Anontanio ny reniny: "Efa mahaloaka teny vitsivitsy ny zanakao?" Raha eny ny valiny, dia anontanio azy ny teny rehetra efa hain'ilay zazany tenenina. Valio hoe ENY raha toa ka mihoatra ny roa ny teny lazainy.		

L13	Milaza teny roa indray mandeha	Araho maso raha efa mahaloaka teny roa miaraka ilay zaza hilazany izay tiany hatao. Ohatra hoe "mama, rano", na "za pipy", "babary mama", sns. Raha tsy tsikaritra eo noho eo da anontantio ny reny: "efa renao nilaza teny anankiroa indrya mandeha ve ny zanakao rehefa misy zavatra tiany atao na angatahana? Ohatra hoe: mama rano, na babary za, na teny tahaka izany? Valio ENY raha efa mahaloaka teny roa na mihoatra indray mandeha ilay zaza.		
<b>RAHA 36-41 VOLANA, DIA MANOMBOKA ETO</b>				
L14	Milaza teny ana-kienina	<u>Fitaovana ilaina</u> : taratasy sy penina. Anontantio ny reny: "efa mahay miteny maromaro ve ny zanakao?" Raha eny, anontantio hoe inona avy ny teny efa tene-niny. Soraty ny teny rehetra lazain'ilay reniny. Valio ENY raha mahatratra enina na mihoatra ireo teny lazain'ilay zaza. <b>Azo atomboka @ L12 izany.</b>		
<b>RAHA 42-47 VOLANA, DIA MANOMBOKA ETO</b>				
L15	Manatanteraka baiko anankiroa	<u>Fitaovana ilaina</u> : fiara kilalao. Ovoahy ilay fiarakely kilalao ary asaivo lalaovin'ilay zaza mandritra ny 10-15 segondra. Aveo raiso ilay fiarakely ary apetraho amin'ny toerana tsy takatr'ilay zaza. Teneno hoe: "Alaivo ilay fiarakely. Ndeha alaivo ilay fiarakely dia omeo an'i mamanao." Omeo minitira vitsivitsy ilay zaza hanaovana izany. Aza averino indray ilay baiko, ary aza ampirisihina ilay zaza. Valio hoe ENY raha vitany soa aman-tsara ireo baiko anankiroa.		

L16	Mamantatra zavatra 5	<p>Fitaovana ilaina: zavatra 12 (labozia, savony, tsaoka (craie), zinga, kaopy, afopika (briquette), saribakoly, penina, sotro rovitra, sotro, fihogo, tady). Apetraho eo anoloan'ilay zaza ireo zavatra rehetra ireo mba ho mora itany. Asaivo manondro na maneho ireo zavatra ireo tsirairay ilay zaza araka izao filaharana izao:</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>1. Asehoy ahy ny kaopy?</li> <li>2. Tondroy ny savony</li> <li>3. Aiza ny la claire?</li> <li>4. Asehoy ahy ny zinga</li> <li>5. Aiza ny labozia</li> <li>6. Tondroy ny briquet</li> <li>7. Aiza ny sotro rovitra</li> <li>8. Aiza ny penina?</li> <li>9. Asehoy ahy ny saribakoly?</li> <li>10. Tondroy ny sotro</li> <li>11. Asehoy ahy ny tady</li> <li>12. Aiza ny fihogo</li> </ol> <p>Ataovy izany mandrapahafantarany zavatra folo, na izy 12 aza. Valio hoe ENY raha namantatra zavatra dimy na mihoatra ilay zaza. Continue until child has identified 10 objects, or until you have asked about all 12 objects. Score YES if child correctly identifies 5 objects. Ataovy toy izao koa ny toromarika L22. Azonao atao ny manila ny zavatra sasany ho an'ny toromarika L17 sy L18.</p>		
L17	Miteny fehezan-teny mazava	Valio hoe ENY ny zaza raha mahateny fehezanteny mazava misy teny 3 na 4. .		
L18	Manondro faritra 7 @vatana.	Asaivo asehon'ny zaza ny: volo, maso, orona, vava, sofina, tongotra, loha, tanana, kibo. Valio hoe ENY raha mahatondro faritra 7 @ batana ilay zaza.		
<b>RAHA 48-54 VOLANA, DIA MANOMBOKA ETO</b>				

L19	Manonona zavatra 5	<p>Fitaovana ilaina: zavatra 12 (labozia, savony, tsaoka (craie), zinga, kaopy, afopika (briquette), saribakoly, penina, sotro rovitra, sotro, fihogo, tady). Asaivo tonon'ilay zaza ireo zavatra 12 araka izao filaharana izao:</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>1. "Inona ity? [tondroy ny kaopy]</li> <li>2. "Inona ity? [tondroy ny savony]</li> <li>3. "Inona ity? [tondroy ny la craie]</li> <li>4. "Inona ity? [tondroy ny zinga]</li> <li>5. "Inona ity? [tondroy ny labozia]</li> <li>6. "Inona ity? [tondroy ny briquet]</li> <li>7. "Inona ity? [tondroy ny fourchette]</li> <li>8. "Inona ity? [tondroy ny penina]</li> <li>9. "Inona ity? [tondroy ny saribakoly]</li> <li>10. "Inona ity? [tondroy ny sotro]</li> <li>11. "Inona ity? [tondroy ny tady]</li> <li>12. "Inona ity? [tondroy ny fihogo]</li> </ol> <p>Ataovy izany mandra-panontanianao azy 12 na mandra-panononany zavatra 10 marina. Valio hoe ENY raha nahatonony anaran-javatra 5 ilay zaza. Ataovy toy izao koa ny toromarika L23.</p>		
L20	Mahafantatra anarana	Raha mbola tsy tsikaritrapa, dia anontanio ilay zaza: "iza ny anarananao?" "Izo no fiantsoana anao?" Valio hoe ENY raha nahateny anarana na anarambositra ilay zaza.		
<b>RAHA 55 VOLANA NOHO MIHOATRA, DIA MANOMBOKA ETO</b>				
L21	Mamantatra ny fampiasana zavatra	<p>Fitaovana ilaina: zavatra 12 objects (labozia, savony, tsaoka (craie), zinga, kaopy, afopika (briquette), saribakoly, penina, sotro rovitra, sotro, fihogo, tady). Afaka manondro na manonona ilay zavatra ny zaza. Anontanio izy hoe:</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>1. "iza amin'ireo fisotro?"</li> <li>2. "Izao amin'ireo no hanoratana?"</li> <li>3. "iza amin'ireo no handrehetana afo?"</li> <li>4. "Iza amin'ireo no hanapahan-javatra?" Valio hoe ENY raha nahatondro na nahatonona zavatra 3 marina ilay zaza? <b>Esory avy eo ireo zavatra.</b></li> </ol>		
L22	Mamantatra zavatra 10	<p>Fitaovana ilaina: zavatra 12 objects (labozia, savony, tsaoka (craie), zinga, kaopy, afopika (briquette), saribakoly, penina, sotro rovitra, sotro, fihogo, tady).</p> <p><b>Ataovy toy ny nanaovana ny toromarika L16. Valio ENY raha namantatra zavatra 10 ilay zaza.</b></p>		
L23	Manonona anaran-javatra 10	<p>Fitaovana ilaina: zavatra 12 objects (labozia, savony, tsaoka (craie), zinga, kaopy, afopika (briquette), saribakoly, penina, sotro rovitra, sotro, fihogo, tady).</p> <p><b>Ataovy toy ny nanaovana ny toromarika L19. Valio ENY raha nahatonona anaran-javatra 10 ilay zaza.</b></p>		

L24	Manasokajy: sa-kafo	<p><u>Zavatra ilaina: penina, taratasy (lohateny: sakafo), ary chronomètre</u></p> <p>Apirimo lavidavitra ireo zavatra mba tsy hanelingelina ny zaza. Mila penina na pensily ianao. 60 segondra ny fotoana anaovana azy ity. Jereo tsara ny 60 segondra ndrao dila, sao variana manoratra ianao.</p> <p>Teneno hoe: "lazao ahy izay anaran-tsakafo rehetra fantatrao. Tanisao haingana dia haingana. Vonona? Teneniko ianao rehefa tokony hijanona. Alefaso ary!" alefaso ny chronomètre rehefa manomboka miteny ilay zaza, na dia tsy sakafo aza no lazainy. Raiso antsratra ny teny rehetra lazain'ilay zaza mandritra ny 60 segondra, na dia tsy sakafo aza ny sasany. Anaran-tsakafo singany (akondro) na anarana iombonana (voankazo) na sakafo manokana (lasopy, sns) no valiny azo ekena. Tsy anisany zava-pisotro. Isao ireo anaran-tsakafo rehetra, ary ataovy ao amin'ny tsanganana misy ENY ny tontaliny.</p>	
L24A	Manasokajy: biby	<p><u>Zavatra ilaina: penina, taratasy (lohateny: sakafo), ary chronomètre</u></p> <p>60 segondra ny fotoana anaovana azy ity. Jereo tsara ny 60 segondra ndrao dila, sao variana manoratra ianao.</p> <p>Teneno hoe: "lazao ahy izay anarana biby rehetra fantatrao. Tanisao haingana dia haingana. Vonona? Teneniko ianao rehefa tokony hijanona. Alefaso ary!" alefaso ny chronomètre rehefa manomboka miteny ilay zaza, na dia tsy biby aza no lazainy. Raiso antsratra ny teny rehetra lazain'ilay zaza mandritra ny 60 segondra, na dia tsy biby aza ny sasany. Anaram-biby lehibe, ny vorona, ny trondro ary biby kely no valiny azo ekena. Tsilsao ireo anaram-biby rehetra, ary ataony ao amin'ny tsanganana misy ENY ny tontaliny.</p>	
L25	Manatanteraka baiko anankitelo	<p><u>Fitaovana ilaiina: kaopy sy marqueur</u></p> <p>Avoahy ny kaopy sy marqueur ary apetraho manoloana ilay zaza. Jereo ilay zaza ary aoka izy hifantoka tsara. Raha mbola tsy mifantoka izy, dia teneno hoe hanao kilalao hafa indray. Teneno hoe: "Henoy tsara. Henoy tsara izay zavatra teneniko. Misy zavatra telo asaiko ataonao araka izay hitenenako azy. Vonona ve? Ndrao ary: apetraho ao anaty kaopy ilay parqueuer, avy eo kasiho ny oronao, ary safohy ny lohanao.</p> <p>Aza manome toromarika hafa ary aza averina ilay teo aloha rehefa nanomboka nanao izy ilay zaza. Aza mampiasa fihetsika. Azonao ampirisihina ilay zaza ka mitenena hoe "alefa"! Asaivo ataony indray mandeha ihany. Valio ENY raha tanterak'ilay zaza ireo baiko telo araka ny filaharany.</p>	

L26	Milaza ny fomba fampiasa zavatra	<p>Fitaovana ilaina: savony, labozia, tady, fihogo, la craie, ary <u>sotro</u>. Anontanio ilay zaza ny fampiasana ireo zavatra tsirairay</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>1. “Atao inona ny savony?”</li> <li>2. “Atao inona ny sotro?”</li> <li>3. “Atao inona ny labozia?”</li> <li>4. “Atao inona ny tady?”</li> </ol> <p>Aza tondroina ireo zavatra. Tokony ho fihetsika na teny mifandraika amn’ilay zavatra ny valintenin’ilay zaza. Ohatra hoe, raha manontanyianao hoe “Atao inona ny savony?” dia tokony hiteny izy hoe “hanasana Tanana na lamba”, nba fisasana. Valio ENY raha nahamarina fampiasa zavatra telo na mihoatra ilay zaza.</p>		
L27	Mamerina vaninteny roa	<p>Teneno ilay zaza: “Avereno izay teneniko.” Teneno: “pa tri to”. eneno: “pa tri to, alefa”. Valio ENY raha nahatafaverina “pa tri” ilay zaza.</p> <p>Ataovy toy ity koa ny toromarika L30.</p>		
L28	Mahavaly fanontaniana	<p>Anontanio ny zaza:</p> <p>“Inona no atao rehefa noana?”      “Inona no atao rehefa reraka?”      “Inona no atao rehefa mangatsiaka?”</p> <p>Ny valiny dia tokony ho matoanteny misy ifandraisana amin’ny miskafo, matory, manao akanjo) na teny toy ny sakafy na anaran-tsakafo, fandriana na bodifotsy, akanjo na any an-trano. Raha miteny zavatra hafahafha ilay zaza, ohatra hoe “miantso an’i mama, na mitomany,” dia tohizo, “dia inona no atao avy eo?” ba hoe “dia avy eo?”. Tariho izy hanonona matoanteny na teny mifandraika amin’ilay fanontaniana. So-raty ny isan’ny fanontania (0-3) voavaliny marina.</p>		
L29	Mahalala mpamari-toetra	<p>Anontanio ny zaza:</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>1. Iza no mandeha haingana kokoa, bisikileta sa fiara?</li> <li>2. Iza no ngeza kokoa, omby sa alika?</li> </ol> <p>Valio hoe ENY raha mahamarina azy roa ilay zaza.</p>		
L30	Mamerina vaninteny 4	<b>Ataovy toy ny L27. Valio hoe ENY raha mahaverina vaninteny efatra indray miaraka ilay zaza.</b>		

L31	Mampiasa manondro toerana	<p><u>Zavatra ilaina:</u> zinga, kaopy, sarona tavoahangy</p> <p>Mipetraha eo anilan'ilay zaza. Ataovy mihohoka mifanakaiky manoloana ilay zaza ny kaopy sy ny zinga. Asio elanelana 6 cm. apetraho manoloana ilay zaza ny sarona tavoahangy. Mialoha ny hanombohana, tondroy ny zinga dia teneno hoe "ity ny zinga". Tondroy ny kaopy, dia teneno hoe "ity ny kaopy". Tondroy ny sarona tavoahangy, teneno hoe "ity ny sarona tavoahangy."</p> <p>Teneno ilay zaza:</p> <p>Raiso ny sarona tavoahangy dia</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>1. Apetraho ao ambanin'ny zinga</li> <li>2. Apetraho eo ambony kaopy.</li> <li>3. Apetraho eo akaiky ny zinga</li> <li>4. Apetraho eo anelanelany kaopy sy ny zinga.</li> <li>5. Apetraho ao aorian'ny kaopy.</li> </ol> <p>Raha nahetsik'ilay zaza ny zinga sy ny kaopy, dia avereno amin'ny toerany tamin'ny voalohany. Apetraho manoloana ilay zaza ilay sarona tavoahangy mialoha ny hanaovana toy izany indray.</p> <p>FANAMARIHANA: tsara raha mifanila fa tsy mifanatrika amin'ilay zaza ianao, mba hahitanao hoe nety tsara ny nanaovany ny baiko (indrindra ny 3 sy 5). Ho an'ny naiko3, dia mety hoe manoloana na eo anilan'ny zinga ilay sarona tavoahangy. Raha indrindra raha tena vitan'ilay zaza araka ny tokony ho izy ilay baiko ary mifandraika amin'ilay zavatra tenenina. Valio hoe ENY raha mahavita baiko 3 na mihoatra ilay zaza.</p>	
L32	Mahalala ny mifanohitra	<p>Teneno ilay zaza: "tohizo ny teniko." " ny lehilahy ngeza fa ny zaza kosa _____. ; raha nahateny hoe "kely" na "madinika" ilay zaza, dia tohizo amin"ny #1 <b>momba ny masoandro</b>.</p> <p>Raha tsy azon'ilay zaza izany, dia teneno hoe "ndrao ary hanao anankiray hafa e. ny Vitsika dia kely fa ny omby kosa _____. " Raha MBOLA TSY azony ihany izany 'ka tsy mahateny hoe "ngeza" na "lehibe", dia omeo TSIA. Atao ny L33 ary ajanony raha tsy nahavita izany impito misesy izy.</p> <p>Teneno: "ndao ndray ary hanao fehezanteny hafa."</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>1. "ny masoandro miseho @atoandro fa ny kintana miseho @_____"</li> <li>2. Mitomany ny olona rehefa malahelo, fa mihogmehy rehefa _____.</li> </ol> <p>Teneno hoe: "Tsara, ndao hanao hafa indray"</p> <p>Valio ENY raha nahavita ny 1 sy 2 ilay zaza.</p>	

L33	Mahalala isan-javatra 3	<p><u>Fitaovana ilaina : vainga 12</u></p> <p>Alaharo eo anoloan'ilay zaza ny vubes 12. Anontanio ilay zaza: "firy ny isan'ireo cubes ireo?" mba isao hoe. Atombohy eto [tondroey ny cube voalohany]. Henoy tsara ny teny lazain'ilay zaza ary mariho tsara fa mety mifangaro. Soraty izay isa voatonony ka marina. Tsy maintsy mahay manisa tsara ilay zaza, ary tandremo sao misy miverina indroa na mikorontana. Esory avy eo ireo cubes anaovana ny fampiasana manaraka. Soraty ao amin'ny tsangarana ENY ny isan'ny cubes voaisany ka marina. Valio hoe ENY raha nahamarina telo na mohoatra izy.</p>		
L34	Mahalala isan-javatra 5	<b>Ataovy toy ny L33 ary valio ENY raha nahamarina 5 ilay zaza</b>		
L35	Mahalala isan-javatra 10 na mohoatra	<b>Ataovy toy ny L33 ary valio ENY raha nahamarina 10 ilay zaza</b>		
L36	Mamorona zavatra: anankiray	<p>Fitaovana ilaina: vainga miisa 12</p> <p>Alaharo ireo vainga 12. Rehefa voaisan'ny zaza izany dia teneno hoe: "tsara! Izao indray ary: afindrao eto ity cube <u>anankiray</u> ity (sady tondroy manoloana anao)". Rehefa vita, dia avereno eo amin'ny laharany ilay cube.</p> <p>Valio hoe ENY raha nanisaka cube anankiray iray zaza.</p>		
L37	Mamorona zavatra: anankitelo	<p>Fitaovana ilaina: Cubes 12.</p> <p>Alaharo ireo cubes 12. Rehefa voaisan'ny zaza izany dia teneno hoe: "tsara! Izao indray ary: afindrao eto reto cubes <u>anankitelo</u> ireto (sady tondroy manoloana anao)". Rehefa vita, dia avereno eo amin'ny laharany ireo cubes.</p> <p>Valio hoe ENY raha nanisaka cubes anankitelo iray zaza.</p>		
L38	Mamorona zavatra: anankidimy	<p>Fitaovana ilaina: Cubes 12.</p> <p>Alaharo ireo cubes 12. Rehefa voaisan'ny zaza izany dia teneno hoe: "tsara! Izao indray ary: afindrao eto reto cubes <u>anankidimy</u> ireto (sady tondroy manoloana anao)". Rehefa vita, dia avereno eo amin'ny laharany ireo cubes.</p> <p>Valio hoe ENY raha nanisaka cubes anankidimy iray zaza.</p>		

L39	Mamorona zavatra: anankifolo	<p>Fitaovana ilaina: Cubes 12.</p> <p>Alaharo ireo cubes 12. Rehefa voaisan'ny zaza izany dia teneno hoe: "tsara! Izao indray ary: afindrao eto reto cubes <u>anankifolo</u> ireto (sady tondroy manoloana anao)". Rehefa vita, dia avereno eo amin'ny laharany ireo cubes.</p> <p>Valio hoe ENY raha nanisaka cubes anankifolo iray zaza.</p>		
L40	Mahalala litera	<p><u>Fitaovana ilaina: taratsy 5 misy soratra hoe m a d i o</u> ka litera iray isaky ny taratasy. Asehoj tsirairay ireo litera ary anontantio ilay zaza "Inona ity?" Valio hoe ENY raha nahay litera telo na mihoatra ilay zaza</p>		
L41	Mahalala isa: 3	<p><u>Zavatra ilaina: taratasy misy isa, taratasy fotosy.</u> Apetraho eo anoloan'ilay zaza ireo taratasy misy isa. Mampiasà taratasy anankiray hafa ary sarony ny tsanganana avanana. Teneno hoe: "ireto misy isa. Hotondroiko ny isa ary vakio amiko. Tsy maninona na tsy fantatrao daholo aza." Tondroy ny isa voalohany amin'ny tsanganana ankavia ary anontantio ilay zaza: "firy ity?".</p> <p>Tondroy hatrany ireo isa tsirairay. Rehefa vita ireo isa amin'ny ilany ankavia, dia sarony ary tondroy indray ireo isa amin'ny tanganana ankavanana ka anontantio hoe "firy ity?".</p> <p>Rehefa tsy mahateny mandritra ny 5 segondra ilay zaza dia tondroy indray ny isa manaraka sady anontantio hoe firy.</p> <p>Valio hoe ENY raha nahalala isa telo na mihoatra ilay zaza.</p> <p>Anjanony raha tsy nahamarina inefatra misesy izy. Ataovy toy ity ny fampiasana L43 sy L44.</p>		
L42	Mahalala isa 5	<b>Ataovy toy ny L42 ary valio ENY raha nahamarina 5 ilay zaza</b>		
L43	Mahalala isa: 10	<b>Ataovy toy ny L42 ary valio ENY raha nahamarina 10 ilay zaza</b>		

L44	Mampitaha haben-javatra roa	<p>Fitaovana ilaina: taratasy misy sary tokom-boatabia</p> <p>Asehoy ny taratasy misy sary tokom-boatabia (4 ankavia, 2 ankavanana). Teneno hoe: "apetaho eo amin'ny sary misy voatabia betsaka indrindra ny fanondronao." Azoa tao no manova izany ho sakafona voankazo hafa. Valio hoe ENY raha napetrany teo amin'ny voatabia 4 ny fanondrony.</p>		
L45	Mahalala endri-javatra: boribory	<p><u>Fitaovana ilaina: taratasy misy endri-javatra samihafa.</u></p> <p>Teneno hoe, "jereo ange ireto sary ireto e."</p> <p><i>Tondroy ilay boribory:</i></p> <p>Teneno, "Inona no anaran'ity?" Valio hoe ENY raha manondro ilay boribory ilay zaza</p>		
L46	Mahalala endrin-javatra: rectangle	<p><u>Fitaovana ilaina: taratasy misy endri-javatra samihafa.</u></p> <p>Teneno hoe, "jereo ange ireto sary ireto e."</p> <p><i>Tondroy ilay rectangle:</i></p> <p>Teneno, "Inona no anaran'ity?" Valio hoe ENY raha manondro ilay rectangle ilay zaza</p>		
L47	Mahalala endrin-javatra: telolafy	<p><u>Fitaovana ilaina: taratasy misy endri-javatra samihafa.</u></p> <p>Teneno hoe, "jereo ange ireto sary ireto e."</p> <p><i>Tondroy ilay telolafy:</i></p> <p>Teneno, "Inona no anaran'ity?" Valio hoe ENY raha manondro ilay telolafy ilay zaza</p>		
L48	Mahalala endrin-javatra: efamira	<p><u>Fitaovana ilaina: taratasy misy endri-javatra samihafa.</u></p> <p>Teneno hoe, "jereo ange ireto sary ireto e."</p> <p><i>Tondroy ilay efamira:</i></p> <p>Teneno, "Inona no anaran'ity?" Valio hoe ENY raha manondro ilay efamira ilay zaza</p>		

L49	Mahafantatra loko	<u>Fitaovana ilaina: taratasy misy loko efatra</u>  <p>Tondroy ny boribory menamena ary teneno hoe “inona no lokon’ity?” Tondroy ny boribory mavomavo ary teneno hoe “inona no lokon’ity?” Tondroy ny boribory maitso-maitso ary teneno hoe “inona no lokon’ity?” Tondroy ny boribory mangamanga ary teneno hoe “inona no lokon’ity?”</p> <p>Valio hoe ENY raha nahamarina loko 3 amin’ireo ilay zaza.</p>		
L50	Mamantatra taona	Anontanio ilay zaza, “Firy taona ianao?” valio ENY raha mahay mamaly taona izy.		
L51	Mamantatra hoe aiza izy no mipetraka	Anontanio ilay zaza, “Aiza nareo no mipetraka?” Valio ENY raha nahatonony ny anaran’ny Tanana na izay mety manodidina azy ilay zaza.		

**SOSIALY: MARIHINA FA TATITRA AVY AMINA MPITAIZA ZAZA IRETO FAMPIASANA REHETRA IRETO**

S8	Fihetsika te ho bataina 	Rehefa te ho bataina ny zanakao, moa ve izy mampiakatra ny sandriny sa ahoana? Valio hoe ENY raha manao izy ilay zaza, na raha milaza ny reniny na ny mpitaiza azy fa manao toy izany izy (na tsy miteny aza izy fa fihetsika fotsiny).		
S9	Miezaka mihinana amin’ny sotro	Rehefa mampihinana zanakao ianao, moa ve izy miezaka manampy anao mitazona ny amin’ny tanana ilany na tanan-droa? Valio ENY raha miezaka ny mambahana ny tenany ilay zaza amin’ny fomba samihafa. Azo atao ny mamaly ny S14 sy S20 avy amin’ity fanontaniana ity		
S10	Misotro amin’ny kaopey	Mahay misotro amin’ny kaopy misy rano antsasany ve ny zanakao ka tsy misy rano very?		

**RAHA ZAZA IS 24-29 VOLANA, DIA MANOMBOKA ETO**

S11	Manondro rehefa misy zavatra tiany 	Ny zanakao manondro rehefa misy zavatra tiany? Ohatra hoe manondro kaopy, sakafo, kilalao, sns. Valio ENY raha manao izany izy.		
-----	---	---	--	--

S12	Miohinana amin'ny Tanana	Ny zanakao ve efa mahay maka singan-tsakafo amin'ny tanana ka mihinana izany? Mety hoe mofo izany, na poti-tsakafo hafa. Valio ENY raha efa mahay mampiasa tanana izy rehefa mihinan-javatra.		
S13	Manolotra ny tanana hosasana	 <p>Rehefa tokony hosasana ny tanana, mialoha ny isakafo na rehefa avy any amin'ny fivoahana, hain'ny zanakao ny manolotra ny tanany hosasana ka tsy mi-andry baikoina akory? Valio hoe ENY raha manao toy izany izy.</p>		
<b>RAHA ZAZA 30-35 VOLANA, DIA MANOMBOKA ETO</b>				
S14	Mihinana irery amin'ny sotro: 1	 <p>Efa mahay mampiasa sotro irery ve ny zanakao rehefa mihinana, na de misy milatsaka aza? Valio ENY raha efa mahay mampiasa sotro irery ilay zaza, na raha namaly ny reniny/ny mpitaiza azy f'efa mahay izy. <b>Azo atao koa manao ny fampiasana S20 toy ity.</b></p>		
S15	Mivoaka: 1	<p>Ny zanakao ve efa mahay manao fihetsika rehefa te hipip/hikaka izy, ohatra hoe mitomany na mampidina kilaoty, na miteny? Valio ENY raha mahay manao ny iray amin'ireo izy, na koa efa mahay mipipy/mikaka tsy mila ampiana intsony?</p> <p><b>Azo atao koa manao ny fampiasana S19 toy ity.</b></p>		
S16	He hiara-hilalao sy hihirahira	<p>Ny zanakao ve efa liana te hiara-hilalao hihira amin'ny zaza hafa na dia mbola tsy mahay mihira aza izy? Te ho anisan'ny milalao amin'izany ve izy, na de kely fotsiny aza ny hainy? Valio ENY raha manaiky ny reniny/ny mpitaiza azy.</p>		
S17	Miarahaba sady manao fihetsika	 <p>Ny zanakao ve efa mahay miarahaba, na amin'ny fiteny izany na amin'ny fihetsika (mandray Tanana na fihetsika hafa)? Na izy irery manao izany, sa ampirisihan'ny ray aman-dreniny na olon-kafa izy. Valio ENY raha manaiky ny reniny/ny mpitaiza azy.</p>		
S18	Mizara zavatra	<p>Ny zanakao ve efa mahay mizara sakafo, kilalao, na zavatra hafa amin'ny zaza na olon-dehibe koa? Efa mahay mizara ve izy? Na izy irery manao izany, sa ampirisihan'ny ray aman-dreniny na olon-kafa izy. Valio ENY raha manaiky ny reniny/ny mpitaiza azy.</p>		


S19	Mivoaka : 2	Fantatry ny zanakao ve ny fotoana tokony handehanany amin'ny fivoahana? Mahay miteny ve izy hoe te hipipy/hikaka fa tsy tonga mipipy amin'ny kilaoty ohatra? Azonao ampiana izy na afaka mandeha mivoaka irery; fa ny zava-dehibe dia ny fahaizany miomana mialoha mba tsy hipipy/hikaka amin'ny kilaotiny. Valio ENY. Valio ENY raha manaiky ny reniny/ny mpitaiza azy.		
-----	-------------	--	--	--

#### RAHA 36-54 VOLANA, DIA MANOMBOKA ETO

S20	Mihinana irery amin'ny sotro 	Efa mahay mampiasa sotro irery ve ny zanakao rehefa mihinana, ka tsy mitsy poti-tsakafo milatsaka? Valio ENY raha efa mahay mampiasa sotro irery ilay zaza ka tsy mitsy poti-tsakafo milatsaka.		
S21		NOAFAFANA		
S22	Manila akanjo irery 	Efa mahay manala ny fitafiana anaovany ve ny zanakao? Ohatra hoe: akanjo, ba kiraro, kilaoty, sns? Valio ENY raha efa mahay manala akanjo irery izy, na dia mila ampiana kely aza indraindry (ohatra rehefa manala pataloha izay sarotsarotra ho azy).		

#### RAHA 55 VOLANA NOHO MIHOATRA, DIA MANOMBOKA ETO

S23	Mandeha mijery mpiara-milalao	Ny zanakao ve efa mahavita mandeha irery mitady ankizy mpiara-milalao aminy, ka tsy mila atoro? Valio ENY raha efa mahavita mitady namana na havana mipetraka eo akaiky izy.		
S24	Mivoaka: 3	Efa mahay mampiasa fihoavana ve izy na aiza na aiza? Na tsy any an-tranony aza fa toerana tsy mahaizatra azy? Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy?		
S25	Mahay mihinana sakafy misy tao-lana na voaniny	Ny zanakao ve efa mahay mihinana sakafy misy tao-lana na voaniny? Hainy ve ny manala ny tao-lana na voanin-javatra ka tsy mila ampiana? Valio ENY raha mahay manao ny iray amin'ireo izy?		
S26	Miakanjo irery: 1 	Ny zanakao ve efa mahay mampiditra fitafiana irery? Ohatra hoe akanjo, kilaoty, pataloa? Tsy voatery hoe hainy hatramin'ny manidy bokotra. Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy. <b>Azo atao toy ity koa ny fampiasana S30 raha efa mahay mampiditra akanjo sy ba kiraro, sy kiraro izy, na dia ampiana kely aza manidy bokotra sy fermeture.</b>		

S27	Manasa tanana irery 	Efa mahay manasa tanana tsara irery ve ny zanakao (fa tsy le mandena etsy sy eroa fotsiny)? Efa mahay manasa tanana tahaka ny olon-dehibe ve izy? Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S28	Mahay mangina na mahalala fomba	Rehefa mamonjy fotoana na favoriana na lanona (sns), moa ve ny zanaka mahay mangina sy mahay manaja tsara tsy mila tenenina akory? Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S29	Manao raharaha	Ny zanakao ve efa mahay manao raharaha ao antano manampy an'l Dada na Neny na dia kely monja aza? Ohatra hoe maka rano, manasa lovia, mamafa trano, sns? Tsy hoe mody manao ny resaka eto, fa teny manao raharaha mihitsy. Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S30	Miakanjo irery: 2 	Efa teny mahay mampiditra akanjo irery ve ny zanakao? Izany hoe mampiditra kilaoty, pataloa, ba kiaro, kiraro ka tsy mila ampiana intsony? Afa-tsy ny manidy bokotra na matatotra tadin-kiraro. Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S31	Mahalala ny fitsipika mifehy azy	Fantavy ny zanakao ve ny vokatry ny zavatra tsy mety ataony? Ohatra, raha tsy mahay mankatoa izy, fantany ve fa ho voasazy izy? Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S32	Mahay mifandimy 	Efa mahay mifandimby ve ny zanakao? Ohatra rehefa milalao "ce matin", na mandaka baolina, na milalao saribakoly, na sabaka, izy ve mahay miandry ny anjarrany hilalao? Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S33	Manaja olon-dehibe	Ny zanakao ve mahalala fomba sy mahay manaja olon-dehibe, ka tsy mila teneniny akory ny amin'izany? Izany hoe, mahay miarhaba, mangina tsara rehefa misakafo, sns? Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S34	Mivoaka: 4	Efa mahay mampiasa lava-piringa irery ve ny zanakao ka tsy mila ampiana intsony? Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S35	Mahay miaraka amin'ny namana	<b>Mahay miaraka amin'ireo namany miara milalao aminy ve izy, nefo tsy miady n tezitra?</b> Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S36	Mandaka, manakitra	<b>Ny zanakao ve mandaka, manakitra, na mikapoka ankizy na olon-dehibe indraindray?</b> Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		

S37	Tsy mahasaraka	Tsy mahasara-dreny ve ny zanakao? Izy ve mamikitra anao mafy rehefa rehefa any amin'ity toerana misy olona tsy mahazatra azy? Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S38	Ilaozan'ny ray aman-dreniny	Malahelo ve ny zanakao rehefa ilaozanao na ny mpitaiza azy ka avela amin'ny olona ao an-trano amin'ny manodidina? Malahelo ve izy rehefa avela amin'ny olona toy ny havana akaiky, na namana, sns? Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S39	Mora tambatambazina	<b>Raha nisy zavatra nahatohina azy na nampalahelo azy, mora tambatambazina ve izy? Tony ao anatin'ny 5-10 minitra ve?</b> Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S40	Fihetseham-po	Milaza ny fihetseham-pony ve ny zanakao, toy ny hoe « Malahelo aho » na hoe « Faly aho »? Milaza ny fihetseham-pony aminao ve izy ? Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S41	Ampahatsiahivina	<b>Mila ampahatsiahivana foana ve izy ny amin'ny zavatra tokony ataony? Ohatra hoe raha misy raharaha tokony ataony, mila ampahatsiaviny ve izy hanao izany?</b> Valio ENY raha manaiky ny reniny/mpitaiza azy.		
S42	Zaza mipelipelika	<b>Mipelipelika be ve ny zanakao?</b>		
S43	Mangoraka: 1	<b>Manay manampy ny olona mila fanampiana ve ny zanakao?</b>		
S44	Mangoraka: 2	<b>Mampahery na manampy ny ankizy hafa malahelo na marary, ve izy ?</b>		